FILOHA RAVALOMANANA TANY AMBATOFOTSIKELY FARATSIHO

# Nizara fahaizana momba ny « leadership » kristiana

Nizara ny fahaizany momba ny antsoina hoe:"leadership" kristiana, na fahaiza-mitarika eo amin'ny kristiana tany amin'ny FJKM Ambatofotsikely any amin'ny distrikan'i Faratsiho faritra Vakinankaratra ny faran'ny herinandro teo ny filoha Marc Ravalomanana. Izy dia efa anisan'ireo nahazo mari-pankasitrahana voalohany taty Afrika amin'izay resaka fahaiza-mitarika izay, fahaiza-mitarika amin'ny ankapobeny fa tsy eo amin'ny sehatra kristiana ihany, niara-nahazo amboara taminy tamin'izay fotoana izay ny filohan'i Rwanda Paul Kagame. Nanambara ny filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy teo io fa: "nitondra anjara fampiofanana "Leadership" sy nanatrika ny fanolorana ny Prezidà Synodaly Andriamihajamahaleo Josoa, Mpitandrina mivady tao amin'ny Fitandremana Ambatofotsikely Fahamarinana, Faratsiho aho ny sabotsy teo ». Zava-dehibe tsy ho an'ny kristiana ihany, fa ho an'ny rehetra ny fahaiza-mitarika, hahafahana mitondra ho amin'ny fampandrosoana ny olombelona, sy ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny, hoy ny filoha Ravalomanana. Fiangonana maromaro eto amin'ny Nosy no efa nizarany izay fahaizany momba ny "leadership" izay, ary tsy amin'ny sehatry ny finoana ihany no izarany izany fahaizany izany, fa amin'ny sehatra rehetra izay mitady azy.



*Ny filoha Ravalomanana tany Ambatofotsikely Faratsiho.*

***Isambilo***

Fidirana politika

# Ao anatin'ny fahalovana tanteraka i Madagasikara hoy ny HVM

Tontosa ny sabotsy teo tao amin'ny foiben-toeran'ny HVM tao Andraharo ny fidiran'ny HVM indray eo amin'ny politika, rehefa nijanona nandritra ny fotoana maharitraritra, fa nihanona fotsiny tamin' ny fanambaràna manameloka ny zavatra misy sy tsy mety eto amin'ny firenena niarahan'ny antoko tamin'ireo mpanohitra eto Madagasikara toy ny RMDM sy ny Panorama. Tonga maro ireo mpikatroka HVM manerana ny faritra manerana an'i Madagasikara. Olomboafidy depiote sy senatera, tazana ihany koa ireo olomboatendry sy ny minisitra teo aloha. Niditra mivantana tamin'ny alalan'ny visioconférence ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina. Ao anatin'ny fahalovana tanteraka i Madagasikara ankehitriny hoy izy, manjaka ny kolikoly sy ny fanaparam-pahefàna. Aoka hajanona hoy ity filoha teo aloha ity ny fanenjehana ny olona tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra. Aoka izay ny lainga sy ny fitaka hitondràna ny firenena. Koa miantso ny mpanao politika rehetra hijery miaraka ny hanarenana ny firenena. Nandritra ny fidiran'ny HVM eo amin'ny sehatra politika indray, araka ny fandaharam-potoana izay efa napetraky ny mpikarakara dia nisy ny famelabelarankevitra izay nahitàna mpanao politika, fiarahamonim-pirenena tsy voatery ho mpikambana HVM. Rivo Rakotovao mpanao politika, namelabelatra ny fisandratan'i Madagasikara, nofinofy ve ? Beantanana Erick «mbola misy fampandrosoana azo antenaina ve » ? Ny Mompera tonian-dahatsoratry ny gazety Lakroa "ny vahoaka manoloana ny adidy masina sy ny zony hitroatra" ary Razanamahefa Desirée Marie Stella, solontenan'ny fiaraha-monim-pirenena nitondra ny lohahevitra hoe « vahaolana ve ny fifidianana ? ». Fa nandritra ny fotoana dia nisy ny varavarana misokatra na porte ouverte nampisehoana zavabita tamin'ny fotoana nitondràn'ny HVM, tao ihany koa ny nahafantarana ny vina sy ny tanjon'ny antoko. Fa nandritra ny fotoana dia nanambara ny SG HVM Rasambany Alain Desiré raha nitafa tamin'ny mpanao gazety izy, fa hamafisin 'ny antoko HVM hoy izy ny hanaovana ny fikaonandohampirenena, na izay fomba hitenenana azy mialohan'ny fifidianana, mba hisian'ny filaminana eto amin'ny firenena. Rivo Rakotovao mpandrindra nasionalin'ny antoko HVM dia nanambara mazava, fa handrotsaka kandida amin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ny taona 2023 ny antoko Hery vaovaon'i Madagasikara.



*Ireo mpitarika ny antoko HVM teny Andraharo ny sabotsy teo.*

***Helisoa***

Fikarakarana sy fanaovana fifidianana

# Tsy ampy ny lafiny serasera fotsiny ataon'ny CENI ankehitriny

Ampy hanaovana fifidianana ve ny lafiny serasera ? Araka io fanontaniana io, momba ny fanentanana ny olom-pirenena dia azo antoka ve fa ampy hanaovana izany fanentanana izany tokoa ny paik'ady ara-tserasera raha ny nomen'ny CENI tato ho ato izay? Raha ny zava-misy sy mitranga anefa dia tsy ny lafiny serasera mihitsy indray no sakana hoy ireo izay nanipy hevitra tamin'ny gazety, fa ny fomba sy ny asa maizina atao aminy no tonga dia manimba mivantana, toy ny tsy fahamarinana anarana eny amin'ny biraom-pokontany, ny eny anivon'ny birao fandatsaham-bato, ny propagandy mitongilana ao amin'ny radio sy ny televizionam-panjakana, sns… Nanambara ny tao amin'ny Ceni, fa hanomboka ny volana oktobra izao hatramin'ny volana jona amin'ny taona ho avy ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy, ary nilaza koa ry zareo fa nanova ny fomba fiasa sasantsasany toy ny fampiasana logiciel sigle sy ireo tablette ampiasaina, mba hiarovana amin'ny hosoka mety hitranga, ka olona avy ivelany mihitsy no hanampy ary inoana fa tsy halaza intsony ny doublon sy pirate samihafa hoy ny CENI. Ho hita eo araka izany ny fanelezana isankarazany ara-tserasera, nefa ny rehetra no aoka ho mpanara-maso avokoa. Ny vola sy ny ara-pitaovana dia nambaran'ny filoha lefitry ny Ceni, fa ampy tanteraka hono, ka hiezaka mafy izy ireo hampiofana ireo mpisehatra rehetra vonona amin'izany, ka na ireo ampy taona any am-ponja aza dia omena ny sahaza azy avokoa amin'ny fanavaozana io lisitra ambara tato ho ato io. Na izany na tsy izany, rafitra hita ety am-piandohana fa mitanila ity rafitra CENI ity eto amintsika, ka mila mailo sy manara-maso ny rehetra.



***Beharo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Antananarivo

# Maloto, tsy voadion'i Vazahabe hatrany, tsy afaka ny fako

Mahavariana ny zava-mitranga eo amin'ny fitantanana ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA). Ilay toe-tsaina entina mitantana mihitsy no tiana ambara amin'izany. Tamin'iny herinandro lasa iny, dia mbola noraisin'ny Ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina indray, ireo mpitondra taxi-môtô ary nisy ny dinika nifanaovan'izy ireo. Niaraha-nandre sy nahalala tsara anefa, fa tsy lany teo anivon'ny mpanolotsaina kaominaly, ny lalàna ny amin'ny ahafahan'izy ireo miasa eto an-drenivohitra sy ny manodidina, tamin'ny fivoriana nataon'izy ireo farany. Voalaza fa isam-bato iray no tsy nitovian'ny isa tamin'ny fifidianana fandaniana izany. Fantatra ihany koa, fa fanindroany amin'ny fandavana nataon'ireo mpanolotsaina ity farany, ka na dia nifanakaiky aza ny isam-bato, dia mazava ny tsy fandaniana ilay lalàna manaiky ny haha-ara –dalàna azy ireo hiasa hitatitra olona eto amin'ny renivohitra. Mazava loatra ho an'ny mpanara-baovao, fa "tao raha" matoa toy izany ny nivoaka tao amin'ny fivoriana. Tsy mandehandeha ho azy amin'izany. Maneho indrindra izany, fa misy tian'ny Ben'ny tanàna sy ny ekipany miaradia aminy ahatongavana ao anatin'izao raharaha izao matoa mbola mamerina ny fandaniana ilay lalàna sy iny fiaraha-midinika tamin'ireo mpamily taksi-môtô ireo izy. Santionany amin'ny fomba fitantanana ity renivohitr'i Madagasikara ity izany miseho izany. Zavatra efa nolavin'ny maro tamin'ny fomba ara-dalàna, dia itadiavan-kevitry ny olom-bitsy mpitantana izay fomba samihafa hahatanteraka azy ihany, indrindra eo amin'ny lafiny ity fifamoivoizana sy fitateram-bahoaka ity izay tsy mitsahatra misy olana hatrany. Misy kajikajy politika sa bizina ambadika ve izany toe-javatra izany?

Hatreto ny tanànan'Antananarivo, dia mbola ao anaty fahalotoana, tsy afaka ny fako tsy voaalan'i Vazahabe sy ny ekipany, na dia niseho hahavita ny fanadiovana azy aza ny Ben'ny tanàna nandritry ny fampielezan-kevitra nataony tamin'ny fifidianana sy ny fanampian'ny filoham-pirenena azy tao anatin'izany. Toy ny hadio hihatsara i Antananarivo, raha vao nandray ny toeran'ny Ben'ny tanàna ny tenany. Iaraha-mahita anefa ny zava-misy, fa mbola mitoetra ny loto, ny fako tsy afaka, ary asa indray izay hitranga rehefa higadona ny fotoam-piotazana sy varotra vokatra lôdisia sy manga. Miseho manadio ireo lakandrano ny kaomina miaraka amin'ny Apipa, kanefa ireo fakobe noesorina tamin'ireny toerana ireny toa tsy afaka tsara akory, ary ireo fako nalàna tsy niàla lavitra ny tanàna na ny fokontany misy azy. Hita izany eny Ampasika mikaso an'Ampefiloha Ambodirano iny, izay ny fako napetraka amin'ny faritra iray tsy lavitra ny lakandrano. Ny loto anefa iarahamahalala fa mitondra aretina. Be zaza sy ankizy milalao izany lalana izany manamorona ny lakandrano eny. Tsy misarika ny mponina rahateo mba hiàla sy hanana toe-tsaina ho tia sy handàla fahadiovana ny zava-misy.

Raha izany rehetra izany no fomba fitantanana atao, sarotra ihany ny hiheverana hisian'ny fiovàna miharihary eto amin'ity renivohitr'i Madagasikara ity.

Amin'izao fotoana, miezaka manala ireo mpivarotra eny amin'ny Petite Vitesse ny CUA, henjana ny tady ankehitriny eny an-toerana, satria lazain'ireo mpivarotra ho manalika azy ireo i Vazahabe sy ny ekipany, tsy mahita vahaolana maharitra hoy izy ireo ny kaominina fa manilikilika ny mpivarotra amin'izay tiany atao, izay hambaran'ireo mpivarotra ireo fa manambany azy ireo toy ny biby sanatria ny CUA.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tsitohery R.**